

ALAHADY FAHATELO FIAVIANA – TAONA A2019



ANDRASO AMIM-PITOKIANA NY TOMPO

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady fahatelo amin'ny fiavian'ny Tompo izao izay antsoina ihany koa alahadin'ny hafaliana satria arak'ireo vakiteny aroson'ny Eglisy amintsika, dia efa azo lazaina fa feno hafaliana isika satria ilay fanantenana izay andrasantsika tokoa amin'izao fiaviana izao dia eo anivontsika ary izay indindra no mahatonga an'I Md Paoly entanin'ny fanantenana izany fa hoavy tokoa ny fiadanana ary efa anivontsika-ka milaza tsy ampisalsalana "*Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo, eny averiko indray mifalia satria efa akaiky ny Tompo*". Izany ny mahatonga ny litorjia manentana antsika na dia eo aza ny mety mavesatra na ny manahirana na ny sedra mety mitondra fahoriana amin'izao fiomanantsika ny fahatonganvan'ny Teny ho nofo izao, ny teny tonga nofo, nofo tonga mofo, mofo tonga aina. Ny tapan'ny voalohany io no andrandraintsika amin'izao noely izao dia ny fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo ary tsapa sahady fa miezaka isika mihaona aminy fa ny marina tokoa dia Andriamanitra no manatona antsika izay no atao hoe "incarnation", tonga nofo. Mamporisika antsika hibebaka bebe kokoa izany satria arakaraky ny

Vakiteny I : Iz. 35:1-6,10,

Salamo : Sal. 146

Vakiteny II : Jak. 5:7-10,

Evanjely : Mt. 11:2-11,

hanokafantsika ny fontsika handray azy no maha eo azy eo amintsika, handray Andriamanitra ilay Teny tonga Nofo isika. Mba ho tanteraka tokoa izany dia miezaka isika mameno ireo, hanambarana fa mandray azy isika : mivavaka, manompo, mandray an-tànanana, mankalaza, mandalim-pinoana, ireny no anambarantsika fa mandray

ny Tompo isika ary tsy mikombona, tsy misy hafaliana mikombona izany fa raha hafaliana marina tokoa, dia zaraina amin'ny hafa, izany no mahatonga antsika vita batemy mandray ny Tenin'Andriamanitra tonga misionera manambara ny hafaliana eo amin'ny manodidina antsika. Araka ny averimberin'ny Papa : izay mihaona amin'I Kristy dia tsy maintsy miova ary tsy maintsy mampiova ny hafa. Vita batemy aho ka hirahina, vita batemy mihaona amin'I Kristy, mandray an'I Kristy, mitafy an'I Kristy iray aina amin'I kristy ka miova ary izany fiovana izany no mampiova ny

hafa, mampiova ny tontolo iainana izay ezaka ataontsika amin'ny fikarakarana sy fikolokoloana ny zava-boahary mba hampivelatra ny zava-boahary ka raha mivelatra ny zava-boahary dia isika mianakavy koa hivelatra ary hivelatra ny tontolom-piaintantsika satria samy mihaona amin'I Kristy ka miova isika ary mampiova ny hafa ka miala amin'ny lainga sy ny fitapitaka, miala amin'ny herisetra, miala amin'ny halatra fa mikatsaka mandrakariva ny fifanompoana sy ny fifanasoavana ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana, hampivelatra ny maha-olona manontolo sy ny tontolo rehetra manodidina antsika. Izany ny tontolom-pianana ananantsika raha mandray an'I Jesoa isika. Raha miova tokoa ny fontsika dia miova ho tsara ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana, amin'ny tontolom-piaintana, amin'ny tontolom-pinoana. Tsy mpifahavolo intsony ka mifanapotika fa mpihavana manorona ny ho avy ao antin'ny fiadanana sy ny fanentanana.

Hamafisin'ireo vakiteny androany Alahady fahatelo ny fiaviana izany rehetra izany ka mahatonga ny litorjia hilaza fa Alahady ny fifaliana, avy aiza moa izany ? Milaza ny Papa fa ao amin'I Jesoa Kristy sy miaraka aminy dia teraka sy mihavao hatrany ny hafaliana ka izany no manentana antsika amin'ny fankalazana ny faha-100 taona ny FET hirosoantsika amin'ny kongresy eokaristika ka hahatonga antsika ho misionera. Taona masina ny misiona isika izao. Andriamanitra no tonga manantona antsika ka izany no hafaliana, izany ny ankalaizantsika amin'ny noely sy ny kongresy eokaristika. Amin'ny vakiteny voalohany voalaza fa nisy fotoana tena nahakivy ny vahoakan'Andriamanitra, voasesitany teny Babilona, tratran'ny fanandevozana teny Babilona ka kivy fa ny Tenin'Andriamanitra no nankahery sy nanampy ireo vahoakan'Andriamanitra hiatrika ny fiainana sarotra araka ny voalazan'Izaia mpaminany "*Hifaly ny efitra sy ny tany karakaina, hiravoravo ny tany lemaka lava volo, ary hamony tahaka ny narisia; hirakotra voninkazo sy hientan-kafaliana ary hanao hoby firavoravoana izy*" Izany tokoa raha eo anivontsika tokoa Andriamanitra.

Ny manankorontana ny fiainantsika sy mahatonga antsika mifanapotika, tsy afaka mandroso, tsy mahita fivoarana isika satria tsy apetrantsika amin'ny tena toerany Andriamanitra, izany no iezahantsika ho fenoina amin'ireo sajoa saota, siny enina mba hahatonga an'Andriamanitra eo anivontsika, izany ny noely sy ny ankalaizantsika amin'ny kondresy eokaristika : ny teny tonga nofo, nofo tonga mofo, mofo tonga aina. Mahatonga hafaliana ho antsika izany, fahasoavana sy fanomezana lehibe no andrasantsika raha miombona amin'I Kristy isika ka izany no voalazan'ny faminaniana amin'ny vakiteny voalohany, "*Amin'izay dia hahiratra ny mason'ny jamba, halady ny sofin'ny marenina. Hitsambikina hoatra ny serfa ny mandringa, hinantsanantsan-kafaliana ny lelan'ny moana. Ho tonga ao Siôna amin'ny hobin-kafaliana ireo navotan'ny Tompo; firavoravoana mandrakizay no ho fehilohany; fifaliana amam-piravoravoana no hahenika azy; fa ny sento amam-pijaliana handositra.*" Izany hoe mihavao ny tontolo antenantsika, ilay tontolo iainana vaovao, ny tontolom-piaintana vaovao. Maro ny zavatra mandrakotra ny masontsika ka tsy hahitantsika ny hafaliana, maro ny mamatotra ny tongontsika ka tsy afaka hitsambikimbikina ny hafaliana isika, maro ny mamatotra ny lelantsika ka tsy afaka midera an'Andriamanitra, aoka isika hanatona an'Andriamanitra ka hihaino an'Andriamanitra amin'izao fiaviana izao ka raha mihaona amin'I Kristy isika dia miova ny fiainantsika ary tsy ny fiainantsika ihany fa hampiova ny hafa isika, izany ny atao fa misionera isika.

Aoka àry hanaiky hanatona an'Andriamanitra isika, izany no nahatonga ireo mpianatra izay azo lazaina fa kivy nahita ny zava niseho satria feno fanantenana izy ireo nefo ohatry ny tsy feno ny fanantenana, izany no mitranga amintsika ihany koa ankehitriny araky ny henontsika amin'ny

Evanjely, ireo nanontany an'I Jesoa " lanao ve no ilay hoavy sa mbola hafa no andrasantsika ? " isika koa eo anatrehan'ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika dia voan'ny eritreritra izay ka voan'ny fakampanahy.

Mananatra antsika I Jesoa toy ny nanarany ireo izay nanontany hoe inona ny mikasika azy, hoy Jesoa raha nanambara ny zava-misy izy ; "*Mandehana ka lazao amin'i Joany, izao zavatra renareo sy hitanareo izao: mahiratra ny jamba, afaka ny mandringa, sitrana ny boka, malady ny marenina, atsangana ny maty, torîna amin'ny malahelo ny Evanjely, ary sambatra izay tsy tafintohina noho ny amiko*".

Ry Kristianina havana, izany no maha misionera antsika, hirahina isika amin'ny alalan'ny fiainantsika, vokatry ny famenoantsika ireo sajoa enina, mampiova ny fiainantsika, marina tsy hoe hanao fahagagana no asan'ny misionera fa ny asan'ny misionera maha-Iraka dia manambara ny anirahana azy amin'ny alalan'ny fiainany ka torintsika tokoa fa niova ny fontsika ary rehefa miova ny fontsika dia mampiova ny manodidina antsika isika ary izany ny maha Kristy mpiara-belona antsika, izany indrindra no tsy maintsy hametrahana ny fanontaniana amin'izao Alahady fahatelo ny fiaviana sy hafaliana izao, kristianina marina ve aho sa mbola miandry famonjena any an-kafa ?

Raha kristianina marina tokoa aho ato amiko I Kristy mba manova ny fiainako ve izay ary raha miova ny fiainako dia afaka manova ny hafa ve aho, izany indrindra no ambaran'ny vakiteny faharoa dia ny taratasin'i Md Jakoba, aoka eo anatrehan'ny zava-misy izay mety hahakivy antsika, aoka isika hanana faharetana,hifankahery ary hankahery ny hafa amin'ny ataontsika toy izay hifanapotika isika, aoka hifankahery fa ny vokatra andransantsika tsy mandalo fotsiny fa vokatra maharitra amin'ny fiainana mandrakizay, ary antenaintsika hanova ny fiainantsika

Izany no mahatonga an'I Md Jakoba amin'ny vakiteny faharoa mananatra antsika hanana fankaherezana izany, "*Aza mifampimonomonona, ry havamalala, fandrao dia helohina ianareo. Indro, efa mby eo am-baravarana anie ny mpitsara! Aoka ny mpaminany izay niteny tamin'ny Anaran'Andriamanitra, ry kristianina havana, no hataonareo fakan-tahaka amin'ny fandeferana sy ny faharetana. Jereo ange ny mpiasa tany, izay manantena ny voka-tsoan'ny tany; miandry amimpaharetana izy, mandra-pahazony ny ranonorana aloha sy aoriania. Aoka àry ianareo haharitra koa; ary ankaherezo ny fonareo, fa efa akaiky ny fiavian'ny Tompo.*"

Izany no manentana antsika hikatroka bebe kokoa amin'ny famenoana ireo sajoa enina mba hahitantsika vokatsoa eo amin'ny fiainantsika.

Ry Kristianina hava malala andro fiandrasana ny noely izay efa akaiky izao, Adnriamanitra tsy lavitra fa eo akaikintsika, raha mihaona aminy isika dia miova ny fiainantsika satria miaraka amin'I Kristy ary mampiova ny hafa ka mahatonga ny hafaliana sy fiadanana izay andrandraintsika amin'ny noely.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô ampianaro ny Eglisy indrindra amin'izao vanimpotoana izao hitodika bebe kokoa ireo izay miandranda ny famonjena ka ho tena famantaram-pamonjena tokoa ny Eglisy ka hikarakara ireo voahilikili ka amin'izay ireo mahutra, izay tsy voakolokolo sy ireo marary, ireo kilemaina ho voalohany aminy asa fanompoana ataonay, ireo mpitondra ho vonona tokoa hitarika ny vahoaka hifanasoa sy hikatsaka mandrakriva ny rariny sy ny hitsiny, hikatsaka ny soa iombonana.

Ry Adnriamanitra Ray, ampio izahay hanokatra ny fonay mba hahay handray an'I Jesoa zanakao, amin'izao noely efa akaiky izao ka hahatonga anay tokoa ho tena zanakao malalanao ka amin'izay

izahay ho zary famantaram-pamonjena amin'ireo manodidina anay, ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson